

11 jiona 2010.  
29 Sivan 5770.

## Fizaràna andraikitra hanompoana an'i Jesosy.

*"Na iza na iza no tsy mitondra ny hazo fijaliana ka tsy manaraka Ahy, dia tsy azo ekena ho mpianatro izy."* Lioka 14: 27

Ny sakana lalina sy tsy ampoizina amin'ny fanambaràna ny filazantsara dia avy ao ampiangonana ihany. Raha manao ezaka mampahafantatra amin'ny tsy mpino ny foto-pinoana isika dia mihatakataka ny mambra sasany toy ireny tsy mahakasika azy ireny ilay fitoriana ka mametraka ny andraikitra rehetra eo antsofoty ny mpandahan-teny. Izany no antony mahatonga ny tsy fisian'ny vokatra firy eo amin'ny asa fitoriana. Azo atao ny manao toriteny maharesy lahatra sy mifanaraka amin'ny ilain'ny mpihano saingy tsy mahatondra fanahy ho an'i Kristy izany.

Raha manao ezaka eo amin'ny toerana efa misy mambra ny mpitory teny iray dia tokony hanofana azy ireo hiara-miasa miaraka aminy aloha izy fa tsy tonga dia hanova fo tsy mpino. Aoka izy hijery akaiky ny tsirairay avy , hitarika azy hanao fanandramana lalina kokoa sy hiasa ho an'ny hafa. Rehefa vonona hanohana ny mpitory teny amin'ny vavaka hataony sy ny fanampiany izy ireo dia hahomby.

Tsy misy zavatra haharitra hatao ao ampiangonana raha tsy mifoha ka mandray ny andraikiny izy. Tokony hahatsapa ny mambra tsirairay fa ny famonjena ny fanahiny dia miankina amin'izay zavatra hataon'ny tenany manokana. Tsy ho voavonjy ny fanahy raha tsy amin'ny fanazarana miasa. Tsy afaka hamonjy azy ny mpitory teny. Fantsona fotsiny izay hampitain'Andriamanitra ny fahazavàny izy, ary rehefa voazara izany dia anjaran'ny tsirairay no mandray ho azy ka mamirapiratra ho an'ny hafa indray. (Testimonies for the Church, - Look to Jesus. ( Vol. II, p. 121.)

Aoka tsy hihevitra hiasa irery ny pasitera: mpianatra, mitory teny, mivavaka, miasa any ivelany. Aoka izy hitady mpanampy, mpiara-miasa izay hampianariny ny fomba fitarihana fotoana na fanaovana fianarana Baiboly. Amin'izany dia manolotra ho an'ny tsirairay fomba hampiasany ny talenta nomen'Andriamanitra azy izy sady manome fahafahana ho an'ny sasany ho tonga mpiasa raikitra ny filazantsara.

Amin'ny lafiny iray dia tahaka ny mpiandraikitra'asa na lehiben'ny sambo iray ny pasitera. Andrasana amin'ireny tompon'andraikitra ireny ny fanaraha-maso raha mahavita ny asany tsara sy ara-potoana avy ny olona feheziny na tsia, ka raha tsy misy zava-maika ihany izy vao mirotsaka an-tsehatra amin'ny antsipiriany.

Indray andro dia hitan'ny tompona fitoton-koba iray ny mpiandraikitra nanamboatra ny simba kanefa nisy mpiasa enin-dahy izay afaka manao io asa io teo nijery azy fotsiny. Rehefa namakafaka tsara ny fandehan-javatra izy mba tsy hanaonao foana dia nampiantso ilay mpiandraikitra tao amin'ny biraony ka nandroaka azy tamin'ny asany. Gaga ity farany ka nangataka fanazavàna. Izao no valinteny azony: «Noraisiko hiasa ianao mba hanara-maso ny asan'ny enindahy kanefa nahita azy ireo tsy nanao n'inon'inona aho fa ianao no nanao ny asa izay azon'ny iray amin'izy ireo atao. Tsy afaka handoa ny hakamoan'ny olona fito nampianarina hakamoana fotsiny aho." »

Tsy azo ampiharina foana akory io tantara io. Kanefa pasitera maro no tsy mandray ny andraikiny rehefa tsy manandrana mametraka ny mambran'ny fiangonana hiasa eo amin'ny sampana isa-karazany amin'ny asa fitoriana izy. Raha mijery akaiky sy mihazona ny ondriny ho amin'ny fihetsehana izy dia afaka manao zavatra tsaratsara kokoa, hanana fotoana hanaovana fampianarana sy fitsidihana, ary ankoatr'izany dia ho voasakana ny disadisa maro.

Misy olona sasany mety hanao fahadisoana noho ny fahavotsavotsàna kanefa hahitsy amimpitiavana izy. Amin'izany dia mpianatra ny mambran'ny fiangonana handray andraikitra ny pasitera eo amin'ny sehatr'asa izay tsy ampy mpiasa maro. Mila olona mandray ireo andraikitra ireo isika ka ny fomba tsara indrindra ho azy ireo hahazoany fanandramana dia ny firosahany miasa amin'ny fony sy ny sainy rehetra.

Ny fiangonana izay miasa dia fiangonana mitombo. Hahita fampahaherezana sy fampanetsiketsehana amin'ny fanampiana ny hafa ny mambra ao aminy... Manampy ny tenan-tsika isika rehefa manampy ny hafa, izany no tokony hampianarina amin-kery, amin-teny sy amin'ny asa an'ireo vao niova fo mba hanana fahombiazana izy amin'ny fiainana kristianina. Ireo izay mora reraka sy mihevitra fa ny lalana mankany amin'ny fiainana mandrakizay dia mandreraka sy sarotra dia tokony hirotsaka amperin'asa mba hanampy ny hafa. Ny ezaka ombam-pivavahana ataony dia hahatonga ny fony hitempo miaraka amin'ny fanatrehana mamelon'ny fahasoavan'Andriamanitra ary dia hirehitra zoto-pon'ny lanitra izy.

Ny zavatra ataon'ny fiangonana ho an'ny Tompony sy ny asa maharitra ataon'ireo mambra mafana fo sy mahatoky no hahafatarana ny toetrany marina fa tsy amin'ny alalan'ny fanekem-pinoana ampahibemaso na ny isan'ny anarana misoratra eo amin'ny boky. **Mavesadanja kokoa noho ny toriteny sy fanekem-pinoana rehetra ny ezaka isambatan'olona tsy mila tambiny.**

Aoka hampianarin'ny mpitory teny ny mambran'ny fiangonana ny tokony hitondran'izy ireo ny vesatra napetraky ny Tompo taminy dia ny hitondra fanahy hiaina amin'ny filazantsara sy ny hitombo ara-panahy irery. Tokony hovangiana izay tsy manao ny andraikiny, hiarahana mivavaka sy hiasa ho azy ireo. Aza zarina ny olona hametraka ny eazaka rehetra ho an'ny mpandahan-teny fa lazao azy ny tokony hampiasaina ny talentany hizara ny finoany manodidina azy. Amin'izany izy dia hahazo ny fiaraha-miasa amin'ny anjelin'ny lanitra ka hitombo fanandramana amin'ny finoana sy mianatra ny mametraka fitokisana amin'Andriamanitra.

Ellen G. White Gospel Workers p 196-201, Ministère évangélique p 191-195

